

- Ho antsika Mpiray tanindrazana : Izao vanim-potoana izao no tokony hanehoantsika bebe kokoa ny fiainana ny Soatoavina miorina amin'ny FIHAVANANA. Koa aoka isika hifampitsimbina, tsy hifanenjika, tsy hanilika ny hafa, ary hampitsahatra ny teny sy ny soratra feno fiantsiana sy fanaratsiana izay mifanohitra tanteraka amin'ny kolontsaintsika Malagasy. Manoloana ny fitombon'ny isan'ireo mitondra ny otrik'aretina dia aoka isika hanaraka amin'ny ANTSIPIRIANY ireo TOROMARIKA REHETRA ara-pahasalamana sy ara-pandaminana ho fitsinjovana antsika sy ny ankohonantsika
- Ankatoky ny faha-60 taona niverenan'ny fahaleovantena isika izao ka mila miray feo ihany koa fa rariny sy hitsiny raha miverina amin'ny Malagasy amin'izay ireo Nosy efatra aty amin'ny ranomasimbe indiana izay antsika Malagasy ka tsy ekentsika ny fibodoana azy. Mariky ny fahafenoan'ny fiandrianam-pirenena izany.
- Farany dia neverinay eto anivon'ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* » fa ilaina dia ilaina tokoa ankehitriny ny handinihana ny drafitra hanarenana ny ho voka-dratsy rehetra aterak'izao fahasarotana lalovan'ny Firenena izao.

Vonona hatrany ny hifandray tanana sy hitondra ny anjara-birikiny amin'izany ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy* ».

«*Malagasy Mihavana - Vahoaka Milamina - Firenena Mandroso*»

Ny Birao Maharitra

Ny Filoha

